**mikasika ny Lalàna momba ny fampiasam-bola hamokarana eto Madagasikara**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-....., izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**TOKO VOALOHANY**  
**FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy voalohany – Famaritana**

Araka ity lalàna ity, ny atao hoe :

1° « Fampiasam-bola hamokarana » dia ny fitambaran'ny loharanom-bola, tafiditra ao anatin'ny tolopananana ho renivola, ny vodiondrim-barotra ao anaty kaonty mihetsika sy ny fisamboram-bola hanatanterahana tetikasa ara-ekonomika iray na mikasika ny fotodrafit'asa izany, na ara-barotra, na arataozavatra, na ara-draharaha, na ara-pambolena, na ara-pizahan-tany, na ara-indostria, sy ny vokatra azo avy amin'ny fampiasana ireo loharanom-bola ireo izay natao hanatanterahana tetikasa ara-ekonomika iray.

2° « Mpampiasa vola » dia ny olona rehetra am-batan-tenany na fikambanan'olona mizaka ny zo aman'andraikiny izay mandray anjara feno na ampahany amin'ny fampiasam-bola hamokarana araka ny voafaritra etsy ambony.

**Andininy-2 : Fahalalahana amin'ny fampiasam-bola hamokarana**

Ny olona rehetra am-batan-tenany na fikambanan'olona mizaka ny zo aman'andraikiny, Malagasy na vahiny, dia afaka mampiasa vola malalaka sy mitoetra eto amin'ny tany Malagasy, ao anatin'ny fanajàna ny lalàna sy fitsipika manan-kery, ankoatr'ireo fepetra ampiharina amin'ny sehatr'asa izay misy fitsipika manokana. Izany dia mikasika indrindra ny asa momba ny banky, ny fiantohana, ny harena ankibon'ny tany, ny solika, ny fifandraisan-davitra, ny fitsaboana, ny manodidina ny asa fitsaboana ary ny fivarotana fanafody.

**Andininy -3 : Fitoviana eo amin'ny fifehezana**

Mitovy ny fifehezana ny mpampiasa vola vahiny sy ny mpampiasa vola teratany Malagasy.

Afaka manana anjara vola ampiasaina amin'ny orinasa hatramin'ny 100% izy ireo ankoatr'ireo fepetra azo ampiharina amin'ny sehatr'asa izay misy fitsipika manokana izay voatanisa ao amin'ny andininy faharoa etsy ambony.

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity sy ireo fepetra ao amin'ny andininy faharoa etsy ambony dia tsy misy fiantraikany amin'ny zo sy tombontsoa malalaka kokoa izay mety ho azon'ny mpampiasa vola takiana arak'ireo fifanarahana nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ireo hafa miara-miombon'antoka aminy.

**Andininy - 4 : fiarovana ny zo momba ny fananana**

Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny zo momba ny fananana an'olon-tokana na iraisana.

Ny mpampiasa vola dia voantoka amin'izay fepetra rehetra mety handraisan'ny Fanjakana ny fananana, na fanalana ny fananany eo an-tanany, na fanaovan'ny Fanjakana didy, ankoatry ny antony filambahoakana voalazan'ny lalàna. Raha mitranga izany dia mahazo fanonerana ara-drariny sy mialoha araka ireo lalàna sy fitsipika ampiharina amin'ilay toe-javatra, ilay mpampiasa vola.

**Andininy faha-5 : Fahafahana eo amin'ny famindrana**

Ireo mpampiasa vola, vahiny na tera-tany Malagasy, dia mahazo alàlana hamindra malalaka any

ivelany, ka tsy ilàna fahazoan-dàlana mialoha, izay tombombarrotra rehetra avy nanalàna ny hetra, ny zaratombo, ny fandoavana sy ny famerenam-bola isan-karazany, tafiditra amin'izany ny famerenana ireo vodiondrim-barotra ao anaty kaonty mihetsika izay an'ireo mpiombon'antoka ary koa ny vola miditra aminy, ny vokatry ny famindran-tompo ny petra-bola, na ny anjaram-pikambanana, ny famindra-tompo ny tokotanim-barotra na ny enti-mihetsika, ny fisintonana ny tolo-pananana, ny anjara tongoam-bidin'ny famaranam-pananan'izy ireo, ny solo-vola avy amin'ny fanalàna ny fananany eo an-tanany. Ny fahafahana mamindra vola koa dia azo ampiharina amin'ny karaman'izy ireo, ny solo-vola ary ny petra-bola.

#### **Andininy faha -6 : Fahamarinan-toerana**

Ny Fanjakana dia mandray andraikitra mba hametrahana sy hitandroana tontolo manodidina mahatsara ny fampiasam-bola hamokaranan amin'ny alalan'ny fampirishina ara-ketra, ara-paditseranana, ara-bola ary ara-tsosialy ho an'ny mpampiasa vola, ao anatin'ny fanatanterahana ireo tetikasa hampiasam-bola hamokarana voatondron'ity lalàna ity.

Ireo mpampiasa vola izay mahazo ireo tombontsoa voatondron'ity lalàna ity dia hahazo hizaka izay fepetra vaovao araka ny lalàna sy ny fitsipika tsaratsara kokoa ho azy izay mety ho laniana aorian'ny famoahana ity lalàna ity ho fanta-bahoaka.

Ireo mpampiasa vola izay mahazo ireo tombontsoa voatondron'ity lalàna ity dia mitohy mahazo hatrany ireo tombontsoa ireo, na dia misy aza fepetra vaovao araka ny lalàna na fitsipika izay mikendry ny hanafoanana na hanalefaka ireo tombontsoa ireo, izay mety ho laniana aorian'ny famoahana ity lalàna ity ho fata-bahoaka.

Ireo mpampiasa vola izay mahazo ireo tombontsoa voatondron'ity lalàna ity dia mitohy mahazo hatrany ireo tombontsoa ireo, na dia misy aza fepetra vaovao araka ny lalàna na fitsipika izay mikendry ny hanafoanana na hanalefaka ireo tombontsoa ireo, izay mety ho laniana aorian'ny famoahana ity lalàna ity ho fata-bahoaka.

#### **Andininy – 7 : Ady atao amin'ny VIH/SIDA**

Amin'ny fandalàna ny ventin-kevitra napetraky ny lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 febroary 2006 mikasika ny ady atao amin'ny VIH/SIDA sy ny fiarovana ny zon'ireo olona tratra io aretina io, ny fanjaraian'asa rehetra dia tokony hametraka fandaharanasa fanentanana na fampianarana ireo mpiasa ao aminy, ary manamora ny fahafahan'izy ireo manao fitiliana an-tsitrapo io aretina io.

### **TOKO II FILAN-KEVITRY NY FAMPANDROSOANA NY TOEKAREN'I MADAGASIKARA**

#### **Andininy-8 : Fepetra ankapobeny**

Mba hahafahana mampiasa ity lalàna ity tokoa, ary koa mba hitandroana ny fametrahana sy fitazonana tontolo tsara ho an'ny mpampiasa vola eto Madagasikara, dia apetraka ny rafitra iray antsoina hoe Filan-kevity ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara.

Ny Filan-kevity ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia nomena andraikitra mba hampirobororo, hanamora ary hanafaingana ireo tetikasa fampiasam-bola hamokarana rehetra.

Mandray, mandinika ary manome ireo taratasy ara-panjakana isan-karazany ilaina amin'ny fampiasam-bola hamokarana izy.

Araka izany, dia nampiandraiketina ny fanampiana ireo mpampiasa vola amin'ny fizotry ny fikarakarakana rehetra izy, hijery sy handinika ireo paik'ady ara-panjakana izay tsy maintsy tanterahin'ny orinasa ary koa hanome tolokevitra hanovana, hanafoanana, hanamoràna sy/na handrindrana ireny paik'ady ireny.

Ny Filan-kevity ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia azo ampanaovina iraka sy asa izay atao miaraka amin'ny fampiasam-bola hamokarana.

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia antokon-draharaham-panjakana manana endrika indostrialy sy ara-abotra iharan'ny fepetra ao amin'ny « Plan Comptable Général » (PCG) manan-kery.

Ao anatin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia ahitana, araka ny lojikan'ny « Guichet unique », ny solontenan'ny ministera samihafa sy ireo vondrom-bahoakam-panjakana izay miandraikitra ny sonia fanamarinana, taratasy fanomezan-dàlana, fahazoan-dàlana sy fanomezan-dàlana voalaza ao amin'ny andininy faha-8.

Ireo sonia fanamarinana, sy taratasy fanomezan-dàlana, fahazoan-dàlana sy fanomezan-dàlana, ireo dia mbola mijanona ankatoavina soniavin'ireo minisitry voakasik'izany na ireo olona nomeny fahefana na izay rehetra manam-pahefana ara-panjakana mahefa.

### **Andininy – 9 : Andraikitra**

1- Fanamorana sy fanafainganana ireo paik'ady ara-panjakana ilaina amin'ny fanatanterahana ny fampiasam-bola hamokarana (sy amin'ny famoronana fanjarianasa).

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara, ankoatra ireo sampan-draharaham-panjakana sy vondrom-bahoakam-panjakana, dia mandray ireo fanagatahana mikasika ireo tetikasa fampiasam-bola ary manao andri-maso ny fanatanterahana ireo solontenan'ny sampan-draharaham-panjakana samihafa mivondrona ao amin'ireo ny fandinihana ireo fangatahana ireo sy ny fanomezana izay tohiny ilaina araka ny fe-potoana haingana indrindra sy mangaraharaha.

Tsy maintsy raisina sy dinihana ao anatin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara indrindra indrindra ireo fangatahana mikasika :

- ny fanomezana fahazoan-dàlana miditra sy mitoetra azo halavaina sy ovàna ho fahazoan-dàlana mipetraka ela, araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-14 amin'ity Volavolan-dalàna ity ;
  - ny fanomezana fahazoan-dalàna matihanina, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-15 amin'ity Volavolan-dalàna ity ;
  - ny fanomezana fanamarinana fa fanjarianasa afak'haba, araka ireo fepetra ny lalàna momba ny faritra sy fanjarinasa afak'haba eto Madagasikara ;
  - Ny fanomezana ireo fanomezan-dalàna ahazo tany, araka fepetra voalazan'ny andininy faha-18 amin'ity lalàna ity ;
  - ny fanoratana, ny soratra manova sy ny fanafonana ny Orinasa ao amin'ny Rejisitry ny Varotra sy ny Orinasa ;
  - ny fanomezana taratasy fahazoana alàlana, fanomezan-dàlana hanokatra trano fiasana rehefa takian'ny fepetra manokana ireo ;
- Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia mandray ny fanambaràna fampitsaharana ny asan'ny fanjarianasa. Mandray ny fanapahan-kevitra fisintonana ny fahazoan-dàlana, sonia fanomezan-dàlana na fahazoan-dàlana koa izy, ary mampahafantatra azy ireny ny orinasa sy ny mpampiasa vola voakasik'izany, sy izay mety ho vokatra araka ny lalàna aterak'izany.

Maningana amin'ny fepetra voalazan'ity andininy ity, ny famoronana fiaraha-monim-pirenena na fikambanam-barotra, raha toa ka tsy ilàna fombafomba izany, ankoatry ny fanoratana sy fanomezana ireo famapahafantarana araka ny hetra sy ara-statistika, dia azo tanterahana eo anivon'ny sampan-draharaha mahefa eo amin'ny faritra iadidiany araka ny toerana misy ny foiben'ny,

2- Fanatsarana ny rafitra lalàna sy hetra mikasika ny fampiasam-bola hamokarana, Ankoat'izay, ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia afaka manome ny heviny mialoha mikasika izay Volavolan-dalàna na fitsipika izay mety hitarika fanovàna ny toetry ny fampiasam-bola hamokarana eto Madagasikara, ka ao anatin'izany ireo fepetra arak'hetra sy/na arapadintseranana sy ireo fepetra voalazan'ity lalàna ity na ireo didy fampiharana azy. Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara koa dia afaka manolotra soso-kevitra hanovana fepetra mikasika ny lalàna na fitsipika vaovao amin'ireo manam-pahefana mahefa,

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia mandray anjara ihany koa amin'ny fifampiraharaha amin'ny fametrahana fifanarahana vaovao mikasika ny fiarovana ny fampiasambola hamokarana, ireo fifanarahana momba ny fifanakalozana malalaka ary koa ireo fifanarahana izay natao mba hialàna amin'ny fandoavana hetra indroa, ka miara miasa akaiky amin'ireo minisitery voakasik'izany izy.

3- Fandaminana ny fifanolàna,

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia afaka miditra an-tsehatra araka ny maha-mpanelanelana azy eo amin'ny fandaminana ny fifanolàna misy eo amin'ny samy fanjarianasa na mampifanolana ireo fanjarianasa amin'ny Fanjakana, araka ny paik'ady fanelanelanana izay apetrany,

#### **And - 10 : Fe-potoana**

Afa tsy fe-potoana voafaritra manokana ato amin'ity lalàna ity ary tsy manala ireo fe-potoana voalaza fohy kokoa, raha misy, izay voatondron'ny rijan-teny manokana, ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia mitandro manokana mba hanomezana ireo fanomezan-dalana, sonia fanomezan-dalana sy fahazoan-dalana ary fanamarinana izay ao anatin'ny fahefany, ao anatin'ny fe-potoana roapolo (20) andro manomboka amin'ny andraisana ireo antontan-taratasy fangatahana feno, na koa fampahafantarana valiny fandavana ao anatin'io fe-potoana io ihany. Raha tsy izany, ny fanomezan-dàlana, ny sonia fanomezan-dàlana, ny fahazoan-dàlana na ny fanamarinana dia heverina ho toy ny efa azo, ary tsy manala sazy mety hampiharina amin'izay tompon'andraikitra ny fanomezana azy.

Amin'io endrin-javatra io, ilay mpangataka voalohany dia afaka mitondra ny raharaha eo amin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara mba hanomezany taratasy manamarina ny fametrahana ny fangatahana voalohany sy ny tsy fisian'ny valinteny nomena tao anatin'ny fe-potoana 20 andro, ary mampahatsiahy ireo fepetra amin'ity andininy ity, izay ahitana fa ilay fanapahan-kevitra tadiavina dia noheverina fa nekena. Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara, ao anatin'ny folo (10) andro manaraka ilay fangatahana izay natao teo aminy, dia terena hanome io antontan-taratasy io, izay azo atohitra amin'ireo sampandraharaha-panjakana rehetra ary koa amin'ireo olon-kafa ary heverina ho toy ny titra nomen'ny sampandraharaha-panjakana mahefa, mandritry ny fotoana izay tsy mbola anomezan'io fampandraharaha io ny fanomezan-dàlana, ny sonia fanomezan-dàlana, ny fahazoan-dàlana na ny fanamarinana tadiavina.

#### **And-11 : Fanamafisana ny mangarahara eo amin'ny fanjarianasa :**

Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia manohana ny fametrahana ny mangarahara eo amin'ny Fanjarianasa araka ny fandaminana ataon'ny Rejisitra momba ny Varotra sy ny Orinasa ho fampiharana ny andininy faha-5.1 ka hatramin'ny 6.3 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Varotra.

Araka izany, ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia miandraikitra ny fandraisana ny anjara loharanom-bola avy amin'ny fanambarana ataon'ireo Fanjarianasa, toy ny antoka, zo manokana, fifanarahana momba ny fampitrosana fampianofana ary ny fepetra mihazona ny maha-tompony, ary voarain'ireo Rejisitra eo an-toerana ho toy ny tamberim-bidy izay tsy maintsy alefa amin'ny fitaovana enti-miasa sy amin'ny famerenana ny vola lany rehetra ilaina. Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana sy Toekaren'i Madagasikara dia mandray ihany koa ny tamberim-bidy azo avy amin'ny fijeren'ny tsirairay ny zavatra tokony ho fantatra ao amin'ny rejisim-pirenena momba ny varotra sy ny Orinasa, ary koa avy amin'ny famarotana ny fitambarana na ny zana-pitambaran'ny zavatra tokony ho fantatra eto amin'ny sehatry ny firenena.

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia tompon'andraikitra, miaraka amin'ny sampandraharaha mahefa ao amin'ny minisitery ny Fitsarana, rehefa nifampidinika hanapaka ny momba ny fandefasana ireo loharanom-bola ireo amin'ny fikojakojana sy amin'ny fivoaran'ny fomba fampahafantaram-baovao, ary koa amin'ny fanoloana ireo fitaovana sy amin'ny fanomezana ny zavatra ilaina amin'ny fampandehanana ireo toerana fampitam-baovao misy solosaina.

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia afaka mijery mivantana ny zavatra tokony ho fantatra ao amin'ny Rejisim-pirenena momba ny Varotra sy ny Orinasa ho an'ny filàny manokana sy ho an'ireo mpampiasa vola. Ny mpiraki-draharaha nalefa hiasa eo anivon'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia afaka manome sertifika, dika mitovy na dika ampahany amin'ny soratra tsy maintsy hita ao amin'ny Rejisitra, araka ny fitsipika manan-kery, ka izany, na aiza na aiza ny toerana nandraiketana am-boky ny fanjarianasa voakasika.

Ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara dia afaka manome soso-kevitra mikasika ny fanatsarana tokony hatao amin'iro rafitra io, ary koa ny fanovàna izay tokony hatao amin'ny saran'ny tamberim-bidy tokony harotsaka amin'ny Rejisitra momba ny Varotra sy ny Orinasa.

Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filan-kevitra ny Governemanta no mamaritra ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.

### **TOKO III FIRAIKETANA AM-BOKY SY SORA-PANEKEN'NY ORINASA**

#### **Andininy – 12 : Firaiketana am-boky ny orinasa**

Ireo Orinasa dia raiketina amin'ny Rejisitra ny Varotra sy ny Orinasa ary izany dia tsy itakina ny mpisolona nomena fahefàna sosialy honina eto Madagasikara na hizaka ny zom-pirenena Malagasy. Na izany aza anefa, ao anatin'ny telo volana nanaovana ny firaiketana am-boky ny orinasa, ny iray raha kely indrindra amin'ireo nomena fahefana sosialy ireo dia tsy maintsy monina eto Madagasikara na mizaka ny zom-pirenena Malagasy izy na vahiny manana ny fahazoan-dàlana hitoetra, na tapakila manamarina ny fangatahana ny fahazoan-dàlana hitoetra. Raha tsy izany, dia mety ho voatohintohina ireo tombontsoa azony, indrindra ny mikasika ny sata maha Fanjarinasa afak'haba azy na ny fahazoan-dàlana azony hanana tany. Azon'ireo rehetra manana tombontsoa atao ihany koa ny mangataka ny fanafoanana azy araka ireo fitsipika voalazan'ny lalàna iombonana mifehy ireo tsy fanarahana ny fepetra momba ny fananganana ny fikambanam-barotra.

#### **Andininy – 13 : Fanoratana amin'ny bokim-panjakana ireo sora-paneken'ny orinasa**

Ankoatra ireo sora-panekena izay mamaritra ny famoronana, ny fanalavana, ny fanovàna na ny fanafoanana orinasa iray, ny fampitomboana, ny fihenam-bidy noho ny fampiasana na ny fampihenàna ny renivola, ny sora-paneken'ny orinasa dia tsy maintsy voatery manaraka ireo fombafomba arahina amin'ny fanoratana amin'ny bokim-panjakana. Azon'ireo sampan-draharaham-panjakana rehetra raisina amin'izao, indrindra ny Rejisitra ny Varotra sy ny Orinasa ireo sora-panekena ireo. Ny fitanisàna ny sora-panekena nomena, ary indrindra ny daty izay entiny dia manan-kery, araka ny fisehony, mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany na mandra-pisian'ny fanoratana ny diso. Tsy misy fampilàzana ilaina atao amin'ny gazety voasoratra mialohan'ny fandraiketany an-tsoratra ilay orinasa.

#### **Andininy – 14 : Fanafoanana ny tsy maintsy hanamarinana ny sonia :**

Ireo fifanarahana, sora-panekena, fitanana an-tsoratra na antontan-taratasy ilaina amin'ireo fombafomba ara-panjakana momba ny fanoratana azy amin'ny bokim-panjakana, dia tsy voatery manaraka ny paikady momba ny fanamarinana na ny fanekena ny sonian'ireo andaniny rehetra.



Ny fahamarinan'ny sonia izay natao dia azo itokiana mandra-pisian'ny porofo mifanipaka aminy

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia tsy ampiharina amin'ireo fifanarahana izay manaiky ny famindrana amin'ny alalan'ny varotra fanana-mitoetra na fananganana fifanekem-panofana maharitra.

#### **TOKO IV FANEKENA SY FANOMEZAN-DALANA HIASA**

##### **Andininy – 15 : Fanalavana sy fanovàna ny fahazoan-dàlana hiditra sy hitoetra ho an'ireo mpampiasa vola**

Ny fanalavana ny fahazoan-dàlana hiditra sy hitoetra nomena eo amin'ny sisin-tany avy tamin'ireo saampam-draharaha ao amin'ny Ministera miandraikitra ny Atitany, ary ny fanovàna an'ireo fahazoan-dàlana ireo ho fahazoan-dàlana matianina dia atao eo anivon'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara.

##### **Andininy – 16 : Fahazoan-dalana hitoetra sokajy matianina**

Noforonina ny fahazoan-dàlan'ny mpifindra monina atao hoe « fahazoan-dàlana matihainina » izay omena an'ireo mpampiasa vola vahiny na misy fifandraisana amin'ny Fanjarinasa Malagasy amin'ny alàlan'ny fifanarahana arak'asa izy na miandraikitra iraka sosialy ao amin'io Fanjarinasa io toy ny mpitantana, tale jeneraly na tale jeneraly lefitra, mpitantan-draharaha ankapobeny, filohan'ny filankevipitantanana na filoha tale jeneraly jeneraly. Io fahazoan-dalana io dia omena ao amin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara avy amin'ny alalan'ny Minisitara miandraikitra ny Atitany.

Io fahazoan-dàlana matihanina io dia mamela izay nomena azy hitoetra sy hiasa ara-dalàna eto amin'ny tany Malagasy ary tsy mitaky ny fahazoan-dàlana izay voasolon'io fahazoan-dàlana matianina io.

Io fahazoan-dalana matianina io dia manankery mandritry ny telo taona manomboka amin'ny datin'ny tapakila manamarina fa nanao fangatahana.

Io fahazoan-dalana io raha vao nekena dia mitovy amin'ny fahazoan-dàlana hitoetra. Ankoatr'izany dia misy karatra fahazoa-mitoetra omena araka ny lalàna manan-kery ihany koa.

Ny fangatahana fanavaozana ny fahazoan-dàlana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny iray volana alohan'ny daty maha lany andro azy.

Ny vady sy ny zanaka iantohan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana dia mizaka avy hatrany ny zo mitovy aminy ary mandritra ny fe-potoana mitovy.

##### **Andininy – 17 : Fahalalahana handray sy handroaka mpiasa nafarana avy tany ivelany**

Ny Orinasa rehetra dia afaka mandray sy mandroaka mpiasa manam-pahaizana manokana izay nafarany avy tany ivelany noho ny filany mba hampandeha tsara ny fanjarinasa.

Ny fifanekena araka asa ho an'ireo mpiasa manam-pahaizana manokana nafarana avy tany ivelany dia mety hivaona amin'ny fepetra sasantsasany voalazan'ny fehezan-dàlana momba ny asa sy ny fitsipika ara-tsosialy mikasika :

- > ny fikambanany amin'ny vondrona momba ny fiahiana ara-tsosialy nahazo alàlana eto Madagasikara ;
- > ny fikambanany amin'ny SMIE ;
- > Ny fe-potoana sy ny antony nanaovana fifanarahana'asa amin'ny fe-potoana voafetra ;
- > ny fitsipika ampiharina amin'ny fandraisana mpiasa.

Ny fomba fampiharana ireo karazana fepetra mivoana voalaza etsy ambony dia ho faritana amin'ny didy amam-pitsipika.

Ireo fepetra mivaona ireo dia tsy mahazo manohintohina ireo zo fototra ananan'ny mpiasa araka izay

nekena amin'ireo Fifanekena sy Fifanarahana Iraisam-pirenena izay nankatoavin'i Madagasikara.

Ireo mpiasa vahiny manam-pahaizana manokana nafarana avy tany ivelany dia mahazo avy hatrany fahazoan-dalana hitoetra matianina.

## **TOKO V FIDIRANA AMIN'NY FANANAN-TANIN'NY FANJARINASA**

### **Andininy – 18 : Fidiran'ireo vahiny mpampiasa vola amin'ny fananana mifaka**

a- Ny Fanjarinasa voafehin'ny lalàna malagasy izay ny fitantanana azy dia eo ambany fanaraha-mason'ny vahiny na antokon-draharaha miankina izy tenany amin'ny vahiny araka ny hevitra ny andininy faha-22 novan'ny Hitsivolana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 momba ny fepetra ankapoben'ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena momba ny isam-batan'olona, dia omena alalana hahazo fananana mifaka rehefa mahafeno ireto fepetra roa mitambatra manaraka ireto :

- ny Orinasa dia tsy maintsy mahazo fahazoan-dàlana avy amin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara, mialohan'ny fandraiketana farany ny sora-panekena rehetra mamindra fanana mifaka, fahazoan-dàlana lazaina hoe « Fahazoan-dalana fizaka fananan-tany » izay homena araka ny fepetra feran'ny andininy faha-18 voalaza manaraka ;
- ny fanana mifaka dia tsy maintsy ampiasaina manontolo ary mandritra ny fotoana mitohy amin'ny fanatanterahana raharaham-barotra, indrindra indrindra indostrialy, fizahan-tany na fiantohan-draharaha, na raharaham-pambolena na fiompiana hazan-drano. Ny raharaham-barotra dia tsy natao ho amin'ny fahazoana fanana mifaka mba hivarotana azy any aoriana, amin'ny toetrany teo ihany na aorian'ny fanatanterahana ny fanatsarana na fanorenana.

b- Ny isam-batan'olona vahiny na ny fikambanana mizaka zo isam-batan'olona vahiny dia tsy mahazo miditra mivantana amin'ny fananan-tany. Na izany aza, azony atao malalaka ary tsy ilàna fahazoan-dalana mialoha ny manao fifanekem-panofanana maharitra, ka ny fe-potoana farany ela dia sivy folo taona, azo avaozina.

### **Andininy – 19 : Fahazoan-dalana hividitany**

1. Ny fahazoan-dàlana hividitany dia omena eo anivon'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara izay manao izany amin'ny anaran'ny Minisitery miandraikitra ny Fananan-tany, araka ny fangatahan'ny mpampiasa vola hamokarana, izay mametraka antontan-taratasy ho amin'izany eo amin'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara ka ahitana ireto karazan-taratasy ireto :
  - > fangatahana an-tsoratra natolotra tamina tartasy efa vita sora-printy nofenoina ary nomen'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara ;
  - > fanehoana ny asa kasaina hatao sy ny antony manamarina ny fividianana ny fanana mifaka natokana amin'ny fanatanterahana azy ;
  - > taratasy fanamarinana fananan-tany momba ilay fanana mifaka kasaina ho azo raha toa ka efa voasoratra amim-boky na vita kadasitra izany ;
  - > ary izay taratasy rehetra takian'ny fandraharaham-panjakana momba ny fananan-tany, araka izay fisehoan-javatra entina anohanana ny fangatahana fananan-tany.

Omen'ny filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara tapakila naharaisana ny antontan-taratasy napetrany ny mpanao fangatahana.

2. Io fahazoan-dàlana voalaza io dia tsy midika velively ho titra fananan-tany momba ny fitompoana an'ilay tany izay antony izany, fa antontan-taratasy fotsiny ihany ahafahan'ny andaniny sy ankilany hanatontosa ny fomba voatondro araka ny lalàna momba ny famindra-tompo ny fanana mifaka.
3. Ny fananana mifaka azo tamin'ny alalan'ny fahazoan-dalana hividitany dia azo ovàna tompo malalaka na afindra, afa-tsy ny fanovàna tompo na famindrana ho an'ny olona vahiny.

Azo afindra tompo ihany koa amina orinasa voafehin'ny lalàna malagasy izany ny fitantanana azy dia eo ambany fanaraha-mason'ny vahiny na antokon-draharaha miankin-doha ihany koa amin'ny vahiny,

raha toa ka mahazo fahazoan-dalana hividy tany araka ny fepetran'ny andininy faha-16 voalaza etsy ambony sy ity andininy voalaza ity.

### **Andininy faha-20 : Fisintonana sy fahazoan-dalana hividy tany**

Azo atao ny misintona ny fahazoan-dàlana hividy tany noho ireto trangan-javatra manaraka ireto :

- > tsy fanajàna ny fepetra nofaritana ho amin'ny fahazoan-dàlana hividy tany, indrindra ny fanovàna tsy misy fanomezan-dalana mialoha, ireo fepetra hampiasana ny tany ho amin'ny zavatra hafa noho ireo voalaza ao amin'ny tetikasa fampiasam-bola hamokarana ;
- > tsy fanatanterahana ny tetikasa fampiasam-bola hamokarana, eo anatin'ny fe-potoana enim-bolana manomboka amin'ny namoahana ny taratasy fananan-tany. Araka ny hevitr'ity antoko ity, ny fanatanterahana ny tetikasa fampiasam-bola hamokarana, araka ny fisehoan-javatra dia ny ny fanombohan'ny asa tanteraka, ny fanombohan'ny asa fanorenana na fanajariana nokasaina, na ny fanatanterahana ireo fombafomba ara-panjakana, ara-bola na ara-barotra ilaina amin'ny fampandehana ny raharaha.

Mialoha ny fisintonana ny fahazoan-dàlana hividy tany, dia tsy maintsy afaka maneho ny fanamarihany an-tsoratra ny mpampiasa vola hamokarana , rehefa hita ireo fanamarihana nomeny ireo dia azo omena fe-potoana tsy mihoatra ny telo (3) volana anaovany fanarenana izay tsy vita izy.

Ny fanatsoahana ny fanomezan-dàlana hividy tany dia tanterahana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana milaza ny antony , izay ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fanana-tany, araka ny fangatahana nataon'ny Filan-kevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'i Madagasikara na izay olona manamarina fa manana tombontsoa amin'izany. Tsy maintsy milaza ny antony mampitombina ny tsy fanajan'ny mpampiasa vola hamokarana ireo fepetra amin'ny fanomezana ny fahazoan-dàlana na ireo andraikitra natao ho zakainy ny didim-pitondrana.

Ny fanatsoahana ny fanomezan-dàlana hividy tany dia mitarika avy hatrany fanafoanana ny zo amin'ny fananan-tany sy famindra-tompo ilay fananana mifaka sy ny fanajariana natao tamin'ny fanana mifaka an'olon-tsotra, ary tsy misy fanorenana azo atao amin'izany. Ny zavatra naorina, ny kojakoja indostrialy, ny milina dia mijanona ho fananan'ny mpampiasa vola izay tsy maintsy maka azy ireo, afa-tsy hoe nisy fifanarahana mifanohitra amin'izany. Toy izany koa ny momba ireo fananan'olon-kafa, ary indrindra ny an'ireo andrim-pitondrana fampitrosana fampanojàna.

## **TOKO VI FAMAHANA NY FIFANOLONANA**

### **Andininy – 21 : Famahana ny fifanolanana**

Ny fifanolanana eo amin'ny tera-tany mpampiasa vola hamokarana sy ny Fanjakana mikasika ny fivoasana na fampihariana ity lalàna ity diaentina eo anantrehana'ny Fitsarana mahefa malagasy, afa -tsy hoe nisy fifanarahana na nifanaraka ny mpifanolana fa hanankina amin'ny fomba hafa ny famahana ny olana.

Ny fifanolanana eo amin'ny vahiny mpampiasa vola sy ny Fanjakana mikasika ny fivoasana na fampiharana ity lalàna ity dia vahana araka ny paik'adin'ny fanelanelanana miainga amin'ny :

- Fifanarahana sy fanekena mikasika ny fiarovana ny fampiasam-bola hamokarana noraiketina teo amin'ny Fanjakana malagasy sy ny Fanjakana niavian'ilay vahiny mpampiasa vola voakasik'izany, na raha tsy izany ;
- Fifanekena iraisam-pirenena ho amin'ny famahana ny olana mikasika ny fampiasam-bola hamokarana eo amin'ny Fanjakana sy ny teratin'ny Fanjakana hafa nankatoavin'ny Lalàna laharana faha-66-011 tamin'ny 05 jolay 1966.

Na izany aza, raha mpangataka amin'ny paik'ady ilay vahiny mpampiasa vola hamokarana dia afaka misafidy malalaka, ho amin'ny toeran'ny paik'adin'ny fanelanelanana voalaza etsy ambony, ny hanankina amin'ny fitsarana mahefa malagasy ny ady ifanolanany amin'ny Fanjakana.

## **TOKO VII FEPETRA FARANY**

### **Andininy-22 : Fepetra samihafa**

Foana :

- ny andininy faha-2 ka hatramin'ny faha-6 amin'ny Lalàna laharana faha-96-015 tamin'ny 13 aogositra 1996 manafonana ny Lalàna laharana faha-89-026 tamin'ny 29 desambra 1989 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny fampiasam-bola hamokarana sy mametra ny antoka ankapoben'ny fampiasam-bola hamokarana eto Madagasikara ary koa ny rijan-teny fampiharana momba izany ;
- ny andininy faha-11, 11 fanindroany sy 11 fanintelony amin'ny Lalàna laharana faha-62-006 tamin'ny 06 jona 1962 nasiam-panovàna, mametra ny fandaminana sy ny fanaraha-maso ny fakam-ponenana amin'ny tany hafa ;
- ny andininy faha-10, 11 sy 16 amin'ny lalàna laharana faha-2004-052 tamin'ny 28 janoary 2005 momba ny fampitrosana fampanofàna.

Ary koa ireo fepetra mifanohitra amin'ity lalàna ity.

Averina amin'ny toetrany taloha ny andininy faha-18 sy 19 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-99-717 tamin'ny 08 septambra 1999 momba ny fampahafantarana ny fampisamboram-bola ny fananamarana araka ny fandaharan-teny an-tsoratra natao voalohany amin'ny Lalàna laharana faha-2004-052 voalaza etsy ambony.

**Andininy-23** : Hisy rijan-tenim-pitsipika mifehy hamaritra ny fomba fampiharana ilaina amin'ny fanatanterahana ity Lalàna ity.

**Andininy-24** : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara ity Lalàna ity. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY MPITANTSORATRA,

Jacques SYLLA